

TORITENY - ALAHADY faha-11 TSOTRA - TAONA D



Voavela ny heloka betsaka vitany satria be fitiavana izy.

Ry kristianina havana, amin'izao mandavantaona izao dia fandalinam-pinoana no atolotry ny Eglizy amintsika amin'ny alalan'ireo vakiteny mitohy andalinantsika an'izay finoana izay. Amin'izao Alahady faha-11 mandavantaona no sady anatin'ny taona masina famindram-po izao dia asain'ny Eglizy isika hibanjina ny fon'Andriamanitra ary iriny ho tahaka izany tokoa ny fonsika satria fo mangoraka sy be fitiavana izy. Tsy ny fahotantsika no

jeren'Andriamanitra fa isika ary izay ny mahatonga ny faniriany hamindra ny fony ao amintsika mba hanahaka an'i Jesoa tokoa ny fonsika tsirairay avy sy eto anivon'ity tanànantsika ity koa.

Ny foto-kevitra amin'izao Alahady faha-11 mandavantaona izao dia " Miantra sy be indrafo tokoa Andriamanitra", atombontsika amin'ny

Vakiteny I : 2 Sam. 12, 7-10. 13

Salamo : Sal. 31

Vakiteny II : Gal. 2, 16. 19-21

Evanjely : Lk. 7, 36 — 8, 3

fibanjinana ny Evanjely ny fandinihantsika (Lk. 7, 36 — 8, 3) :

nanasa an'i Jesoa i Simona ilay fariziana dia nieritreritra hifanakalo hevitra amin'i Jesoa tahaka ny nataon'i Nikodema, saingy misy ny maha samihafa azy ireo satria i Simona efa manana hevitra mazava ao an-tsainy ka mitady handresy lahatra sy hitady fitapitaka handresena an'i Jesoa. Fantatr'i Jesoa anea izany satria Andriamanitra mahefa ny zava-drehetra izy nefa tsy nanakana azy satria tsy ny olona no alany fa ny fahotana ary ny nahavonjy atsika no nahatongavany olombelona ka nitady ny fomba hahazoana ny fon'i Simona izy. Izay ihany koa ny ataony amintsika mba ho tonga fo nofo fa tsy fo vato, indrisy anefa fa i Simona izay olona manam-pahaizana tsy nahavita nanao ny dingana. Koa enga anie isika mba ho sahy hanao ny dingana ka hiroso mba ho tonga amin'ny fibebahana marina, hiova ny fontsika ilay fo vato mba ho lasa fo nofo ka raha fo nofo ny fontsika tsirairay avy dia ity tanànantsika ity hitepo an'izay fo feno fitiavana tahaka an'ilay vehivavy nahatonga ny resaka tamin'i Jesoa sy i Simona araka ny rentsika tamin'ny evanjely teo.

Alohan'ny resaka rehetra dia nitady hamely azy i Simona. Nialoha làlana azy anefa i Jesoa ka nanao ny fanoharana izy satria eritreretiny fa hahatonga saina an'i Simona izany fanoharana izany. Mafy loatra anefa ny fon'i Simona ka na dia nilaza ny marina aza izy dia tsy nanao ny dingana. Fanoharana mikasika an'ilay mpanome zana-bola no nataon'i Jesoa ka nanontany an'i Simona izy " Noho izy samy tsy manan-kaloha ny mpitrosa dia nafoin'ny tompony ny trosa ka iza amin'ireo no tena tia azy kokoa ?"

dia namaly i Simona : "Ataoko fa ilay namoizana bebe kokoa". Nararaotin'i Jesoa ary nanao ny fampianarana ary fantany koa nefa ny toetran'ilay vehivavy, nanao ny dingana izy ka nibebaka ary andranomaso. Niova ny fony, feno fitiavana ny fony ka nanasa ny tongotr'i Jesoa izy tamin'ny ranomasony, i Simona anefa tsy nanao an'izany nefa tena mahafantatra izy fa tamin'ny fomba jody raha misy vahiny dia ny tompon-trano no manasa ny tongotra mba ho olona madio tokoa no miditra ao an-trano. Tsy nanao an'izany anefa i Simona satria manana eritreritra efa mipetraka tsara mikasika an'i Jesoa izy. Nararaotin'i Jesoa izay dia hoy izy tamin'i Simona : "Ianao tsy nanome rano hanasana ny tongotro nefa hitanao io vehivavy io nanondrika ny tongotro tamin'ny ranomasony sy namaoko azy tamin'ny volondohany. Ianao tsy nanoroka ahy, izy kosa tsy nitsahatra nanoroka ahy hatrizay nidirako. Ianao tsy nanosotra diloilo ny lohako, izy kosa tsy nitsahatra nanosotra diloilo sns...". Ny fampianarana nataony tamin'i Simona dia hoe : voavela ny heloka izay nataony satria be fitiavana izy. Ny fitiavana no hahafahantsika manova ny fiainantsika, miala amin'ny toetra ratsy ka miditra amin'ny toetra vaovao. Izay ko no nataon'io vehivavy io.

Ambaran'ny vakiteny voalohany (2 Sam. 12, 7-10. 13) koa fa i Davida dia nanota sy nijangajanga tamin'ny vadin'ny jeneraly Oria. Niaiky heloka izy dia niova ny fony. Ry Kristianina havana, na dia manao ahoana ny fiainantsika sy ny toetrantsika, ny tontolo manodidina atsika, raha miova ny fontsika, fo feno fitiavana no ataontsika ho ambonin'ny zava-drehetra ary izay no mahatonga atsika milaza hoe : aoka tsy hitsara isika fa hanatsara.

Fo feno fitiavana no entintsika manatsara ary amin'ny alalan'ny tsara no entintsika miady amin'ny ratsy, izay no nentin'i Jesoa eto anivontsika, izay no antony fisian'ny chapelle famindram-po eto anivon'ny tanànantsika Antsiranan. K' aza misalasala isika hiditra ao mba hidiovin'Andriamanitra ny fontsika, mba ho fo feno fitiavana hanahaka ny fon'i Jesoa ny fontsika amin'izay ireo herisetra na eo anivon'ny fianakaviana, sekoly, toeram-piasana, fiaraha-monina misy atsika dia hiova fiaraha-monina feno fihavanana sy fiadanana ary fifankatiavana. Izany no faniriantika. Ambaran'i Md Paoly koa izay ao amin'ny vakiteny faharoa (*Gal. 2, 16. 19-21*) : "Tsy izaho intsony ato amiko fa i Jesoa Kristy", izay ny vokatry ny fo vaovao ao amintsika dia tsy inona fa i Kristy fitiavana sy famindram-po, i Kristy mpamela heloka sy tia fihavanana ka tsy isika intsony no velona fa i Kristy. Traikefan'i Md Paoly tokoa izay ka zarainy amintsika.

Izay koa no angatahintsika amin'ny Fanahy masina, honina ao amintsika tokoa ny fitiavana (*Romana 5,5*) ao amintsika ilay fitiavan'i Kristy ka tsy misy zavatra mamatopatotra atsika intsony fa olona masina isika. Raha ny lalàna no mamatotra atsika dia mbola ho faty isika fa raha i Kristy kosa dia ho olona afaka isika araka ny voalazan'i Md Paoly satria ao amintsika ny marina, lavitra ny lainga sy ny fitapitaka fa fiainambaovao ao amin'i Kristy isika.

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, ambaranao amin'io fanoharana io fa ny fitiavana tokoa no hahafahana manova ny fiainana. Enga anie ho be fitiavana izahay, ho voavela heloka ary ny finoana tokoa no mahavonjy araka ny voalazanao tamin'ilay vehivavy. Ho voavela heloka izahay ho voavonjy ka hiadam-pinaritra ao aminao tokoa. Ka lanao tokoa anie no hanjaka ao amponay, hanjaka eo anivon'ny fiainanay andavanandro : eo anivon'ny fianakaviana, sekoly, toeram-piasana, eo anivon'ity fiaraha-monina misy anay, eo anivon'ny diosezinay izay ambany fiarovan'ny Fonao Masina ka amin'izay dia hanjaka finaritra eto aminay tokoa lanao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson